Gazetiko 25 TAONA

FIFANINANANA TONONKALO - HISY LOKA HOZARAINA 3

AMBATONDRAZAKA 4

# TALEN'NY EPP SY NY ZANANY HITA FATY FENO DIAN'ANTSY

MARINA IZANY ! 3

MANJAVOZAVO !

IZY NO IZY 7

STÉPHANIE FENOZANANY



VEHIVAVY SAHY

Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7517 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 10 martsa 2023


TAYC MPANAKANTO VAHINY 2



HANOLOTRA FAMPISEHOANA AO AMIN'NY LAPAN'NY FANATANJAHANTENA ANIO

KMF/CNOE 7

# MITAKY NY HANATANTERAHANA MIARAKA NY FIFIDIANANA FILOHA SY BEN'NY TANANA




FANANTENANA FAFI-V 8 MARTSA 8

VEHIVAVY AN-JATONY NAHAZO FANAMPIANA



POLYTEKNIKA-VONTOVORONA 8

# NAKATONA VONJIMAIKA, NANDRAISANA FEPETRA



Tayc - Mpanakanto vahiny

# Hanolotra fampisehoana ao amin'ny lapan'ny fanatanjahantena anio

*Efa lany tanteraka ny tapakila ho an'ny VIP.*



**Izy no Tayc, mpihira frantsay teratany kameroney. (Sary : Yvon Ram.)**

Tonga omaly teto Madagasikara i Tayc. Anio izy no hanolotra ilay fampisehoana ao amin'ny lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina, izay hanomboka amin'ny 6 Ora hariva. I Ga Ej, i Denise sy Shyn ary i Rim-ka no hanokatra ny fotoana ary ao amin'ny tapany faharoa vao hiaka-tsehatra i Tayc. Julien Bouadjee, na i Tayc, dia mpihira frantsay teratany kameroney. Ny taona 2012 izy no nanomboka nihira, ary gadona mifangaro Afrotrap - Caribéennes ny hirany. "N'y pense plus", "dodo", "le temps"...no hirany anisan'ny malaza. Sambany izy no ho avy hanao fampisehoana eto Madagasikara ka dia maro be ireo mpankafy malagasy no nanjifa haingana ny tapakila sao tsy hahatratra izany. Raha araka ny fantatra dia efa lany tanteraka ny tapakila ho an'ny VIP, fotoana vitsy taorian'ny fampahafantarana ny fahatongavany. Mbola misy maromaro tsy lafo kosa ho an'ireo sokajy hafa. Hanakoako indray araka izany ny etsy Mahamasina anio. Ankoatra ny seho hataony moa dia handeha ho eny amin'ny Akany Faravohitra ihany koa ity mpanakanto ity hanao hetsika fanentanana momba ny "cyber harcèlement" ho an'ireo ankizy tezaina ao amin'ny akany. Hanomboka amin'ny telo ora sy sasany izay hetsika izay. Marihina moa fa iarahany miasa amin'ny Telma ity fampisehoana sy hetsika hataony ity, ary nofidiana manokana io lohahevitra "cyber harcèlement" io mba hanamarihana ihany koa ny andro maneran-tany ho an'ny vehivavy. Hiompana bebe kokoa amin'ny fiarovana ireo tovovavy eo amin'ny tontolon'ny habaka (securité en ligne) mihitsy mantsy ny zavatra horesadresahiny ao anatin'izany.

**Tanya.R**

Hotel de ville Antananarivo

# Misokatra ho an'ny rehetra ny hetsika "Explosion du rire"

Ho fankalazana ny iray volan'ny frankofonia, ny Studios Plonk sy Replonk dia manolotra ny « Festival Explosion du Rire » ao amin'ny lapan'ny tanana Analakely. Ny hetsika dia tohanan'ny masoivohon'i Soisa eto Madagasikara, izay hitondra ny lohahevitry ny hehy sy mahatsikaiky hifandraisan'ny firenena soisy sy i Madagascar. Nifarimbona tamin'izany hetsika izany ireo Malagasy misehatra amin'ny sary itatra an-gazety sy ny hosodoko, ahitana an-dRy Sandrine Vavitsara, Catemouse, Haintsoa Sleeping, Farahaingo, Voninirina Antonia, Sese Dille, Vony Ranala, Riri, R.Aly, Nino Pillar. Hanolotra sanganasa miavaka hanaitra ny fahaliananan'ny vahoaka ny mpanakanto amin'ny zavakanto ataony i Myriam Merch. Ny mampiavaka ny hetsika dia ny fikarakarana ny fiadiana ny tompondaka eran-tany voalohany amin'ny firenena mpamokatra sôkôla aty amin'ny vondron'ny tany mampiasa amin'ny ampahany na manontolo ny teny frantsay, antsoin'ny mpikarakara hoe "chocola francophonie", izay handraisan'ny firenena 5 anjara: Madagasikara, Frantsa, Belzika, Soisa, Kongo. Hotanterahina ny zoma 10 martsa izao ny fanokafana ny fampirantiana ary hisokatra ho an'ny rehetra izany manomboka rahampitso, ary tsy hifarana raha tsy ny faran'ny volana marsa. Ny hetsika dia eo ambany fiahian'ny Masoivohon'i Soisy miasa sy monina eto amintsika ary tohanan'ny Oif sy ny sy pro Helvetia, ny vondron'ny masoiovohon'ny frankofonia, tanànan'Antananarivo, Ifm, Nicola Felder tompon' andraikitry ny frankofonia sy ny maro hafa.

*Nifarimbona tamin'izany hetsika izany ireo Malagasy misehatra amin'ny sary itatra an-gazety sy hosodoko, ahitana an-dRy Sandrine Vavitsara, Catemouse, Haintsoa Sleeping.*

**Tiaray R**

HOTSAKOTSAKOINA

"Aoka ho vaovao ny toetra rehetra, hitombo hanatratra ilay tena fetra, ho mendrika indrindra ilay Paradisa, eny, ho anisan'ny vahoaka sisa."

Ny Vetso (30.12. 90)

Tana Design Week - Andiany faharoa

# Hotanterahina manomboka rahampitso



**Ireo mpiara-miombona antoka amin'ity hetsika ity.**

Hotanterahina manomboka rahampitso ary tsy hifarana raha tsy ny 18 marsa izao indray ilay hetsika fampirantiana Tana Design Week andiany faharoa. Ao amin'ny gara Soarano Analakely ihany no hanaovana azy. Amin'ity taona ity dia ny hoe "ary raha", no lohahevitra nofidiana amin'ity hetsika ity. Ary raha!, izay misy heviny roa, ka ny voalohany dia handikana ny famolavolana zavatra (ary raha) izany hoe ny teny "ary" nampiana "raha" io no teny gasy malalaka ilazàna ny hoe "design". Ny heviny faharoa kosa dia ilay adika amin'ny teny vahiny hoe: "et si? ", izany hoe mametraka fanontaniana foana mba hanatsaràna zavatra (ary raha...?). Fa ankoatra izay dia nalaina ihany koa ity lohahevitra ity mba hampahafantarana ny rehetra fa hitsangana tsy hoe ela eto amintsika ny "ary raha institute" izay sekoly ambony amin'ny fampianarana "design", na ny famolavolana sy amin'ny asa tanana tena tsara izany. Mandritra ny hetsika dia ho hitantsika ao ireo mpampianatra sy ireo mpiara-miombona antoka nasionaly sy iraisampirenena amin'ity sekoly novolavolain'i Johary Constellation ity. Marihina moa fa efa misy izany sekoly izany any Frantsa, Italia, Soisa, Kiobà ary India. Tiana hasongadina ao anatin'ny fampirantiana ihany koa ny resaka fanatontoloana sy ny maha gasy. Ankoatra ny fampahafantarana ny sekoly "ary raha" dia hisy koa ny sehatra isan-karazany toy ny "architecture" sy fanabeazana, traikefa an-tanàn-dehibe sy asa tanana, fikarohana amin'ny famolavolana, ny lamba gasy sy ny ho avin'ny orinasa mpamokatra lamba eto amintsika izay iriana ho tsy mena-mitaha amin'ny orinasa vahiny. Maimaimpoana ny fitsidihana.

**Tanya.R**

## Zoma mahafinaritra

**Ifm Analakely**

**Fampisehoan-dry Robin Kafirah Gasy**

Mpanakanto avy atsy amin'ny Nosy La Reunion i Robin Kafirah Gasy. Miavaka kosa anefa ny mozika ataony noho izy tsy mianona fotsiny amin'ny Maloya fa manambatra izany amin'ny mozika sy gadona samihafa misy aty amin'ny ranomasim-be indianina sy aty Afrika. Hitondra izany etsy amin'ny IFM etsy Analakely miaraka amin'ny ekipany izy anio amin'ny 7 ora hariva. Entiny mitety firenena maro amin'ny alalan'ny hira izany ny mpankafy amin'io fotoana io.

**Piment Café Behoririka**

**Inah, Mirana, Fanilo Poopins, Mbola talenta, anio**

Rehefa avy nitety faritra tany Eropa nandritra ny roa volana teo ho eo ry Inah, Mirana, Fanilo Poopins ary Mbola Talenta. Nigadona eto an-tanindrazana izy ireo ankehitriny, ka hihaona amin'ny mpankafy ireo gadona gasigasy etsy amin'ny Piment Café Behoririka. Anio, ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika no hitondrany voandalana ho an'ireo mpankafy azy ao antoerana. Hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany ny fotoana, ka ireo vazo nentiny nitety an'i Eropa no hotsongainy ho an'ireo mpialavoly ao an-toerana anio alina.

**Jao's Pub Ambohipo**

**Rodoben'ny Fikambanan'ny mpanakanto**

Saina JB,Sizannah, Bruno jaozara, Vilon'androy, Vaiavy Chila, Smaven, Mamibe, Leonel, Farault Dallas ary Rubbie, mivondrona ao amin'ny "Association des Aritste Sportifs et Culturels" no hanafana ny toerampilanonana ao amin'ny Jao'S Pub eny Ambohipo anio hanomboka amin'ny 9 ora alina. Rodobe mafana 2023. Ny vola ho azo amin'ity fampisehoana ity moa dia hoentina manatevina ny kitapom-bolan'ny fikambanana izay natao hifampitsinjovana eo amin'ny samy mpanakanto raha sanatria misy tojo fahasahiranana.

**Nangonin'i Fy**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, poketra sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 494/20-7)

* Lamba, kiraro, cahier, machine, bisikileta, kojan-dakozia, debara. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 499/10-2)

### VIDANGE

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 492/10-9)

* Service vidange fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.47.024.33 / 034.16.145.06. (G-BA 476/20-19)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-18)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-14)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 490/15-10)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 497/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 497/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 497/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 498/20-3)

### MITADY ASA

* Maçon mpanangana sy mpanao finit°, matihanina. Mitady asa, eqp za-draharaha. Tél : 034.23.909.68. (G-BA 496/5-4)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 495/5-5)

"FIBA 3x3 World CUP 2023"

# Ao anatin'ny vondrona A maozatra no misy ny Ankoay lehilahy




Efa fantatra avokoa ireo ekipa dimy, hiaraka amin'ny ekipam-pirenentsika "Ankoay" lehilahy, hifampitana amin-dry Elly / Arnol / Fiary / Livio, ao anatin'ny vondrona A, izay hiatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany amin'ny "FIBA 3x3", hatao any Vienne (Autriche) amin'ny talata 30 mey 2023 ka hatramin'ny alahady 04 jiona 2023. Lohalaharana amin'izany i Serbia, tompondaka erantany farany teo, miampy an'i Frantsa sy Alemàna ary Brezila, izay tompondaka lefitra tany amin'ny kaontinantan'i Amerika Atsimo tamin'ny taona 2022 ary ny Ankoay kosa dia tompondakan'i Afrika. Marihina fa mahatratra 20 ny isan'ny ekipa mandray, ary toraka izany koa ny sokajy vehivavy. Amin'ny maha tompondaka lefitra ny Ankoay vavy aty amin'ny kaontinantan'i Afrika, dia mbola hisedra lalao sakana any Eilat (Israël) amin'ny sabotsy 6 sy alahady 7 mey 2023, kosa ry Christiane / Muriel / Sidy / Chine.

a.r

Lomano - " Vive l'Avenir " andiany faha-11

# Hanomboka amin'ny 7 ora hariva ny famaranana




Anisan'ny hetsika efa manana ny toerany eto amin'ny firenena ny "Vive l'Avenir".

Hotanterahina amin'ny faran' ny herinandro izao etsy amin'ny dobo filomanosan' ny ANS Ampefiloha ny andiany faha-11 amin'ny fifaninanana "Vive l'avenir", taranja lomano. Manodidina ny 230 ny isan'ny mpandray anjara andrasana amin'ity, raha ny nambaran'ny kliooban'ny St Michel mpikarakara. Hampiavaka ity andiany ity, ny fanatanterahana ny lalao famaranana manomboka amin'ny 7 ora hariva. Efa vonona amin' izany izy ireo. Misokatra ho an'ny klioba rehetra ny fifaninanana, manomboka amin'ny sokajy "avenir" ka hatramin'ny "'seniors". Toy ny fanaony tamin'ny andiany teo aloha, ankoatra ny medaly hatolotra ny mpandresy, hahazo amboara ihany koa ny mpilomano mendrika indrindra ho an'ny latsaky ny 13 taona midina (avenir, poussine, benjamines) sy ny mihoatra ny 14 taona(minime, cadet, junior, senior), izay nandrombaka medaly volamena betsaka indrindra teo amin'ny fifaninanana ho an'olon-tokana sy mifampitohy. Raha toa ka misy ny fitoviana dia izay zandriny no tolorana ny amboara. Noho ny fisian' ireo klioba vao niforona kosa dia nanapa-kevitra ny tsy hanome amboara ho an' ny klioba mendrika indrindra ny mpikarakara amin'ity. Miara-miasa tanteraka amin' ny federasiona sy ny ligin' Analamanga ny kliooban'ny St Michel amin'ny fikarakarana ity hetsika ity, ka hahazo fankatoavana ara-dalàna ny fe-potoana mivoaka eo. Andrasana noho izany raha misy mahavaky "record" na manatsara fe-potoana ireo mpilomano handray anjara eo. Mahakasika manokana ny kliooban'ny St Michel, mahatratra hatramin'ny 64 ny mpilomano ao aminy amin' izao, 11 amin'ireo 29 mianadahy hifantenana handrafitra ny ekipam-pirenena amin'ny Lalaon'ny Nosy 2023 no mpilomano avy ao aminy.

Rabenaivo

Rugby Vacances - "Tournoi U18G"

# Mitohy hatrany ny lalao fifanintsanana ao anatin'ny Vondrona B

Fihaonana dimy avy hatrany no arahin'ny mpankafy baolina lavalava "Rugby à 9" amin'ny sabotsy 11 martsa 2023, izay natokana ho an'ny zazalahy latsaky ny 18 taona ao anatin'ny vondrona B, karakarain'ny "*Association Rugby Vacances Madagascar*", eny amin' ny kianja fanampiny Makis Andohatapenaka. Tahaka izao avy ireo ekipa hifandona amin'izany, araka ny fandaharan-dalao : 12 ora : 3F5 Erev # FTA Anjanahary ; 1 ora : TMAA Ankorondrano # USM Manjakaray ; 2 ora : ZAMI Ankasina # TFMA Ankasina ; 3 ora : CRAI Ambalavao # AVTM Antanimora ; 4 ora : XV Dakar Manjakaray # Radoufa Manjakaray. Marihina fa fileovana avy any amin'ny fokontany avokoa no mandray anjara amin'ity fifaninanana ity fa tsy misy "bôaty", mahatratra 16 ny isany. Toy izao kosa ny filaharan'ireo ekipa, nahavita fifaninanana ao anatin' ny vondrona "A", izay mizara A1" sy "A2". Vondrona A1 : USA Ankadifotsy – AJS Mada - ATM Anationy – UASCheminot ; Vondrona A2 : JSTA Ambondrona SRA Ankamasoa - JSA Sabotsy Namehana - TMAD Andafy Avaratra. Ao anatin' ny vondrona B avokoa ireo miatrika lalao fifanintsanana rahampitso ireo. Ampahatsiahivina fa nialoha ny fifaninanana, dia nisy ny fanofanana an'ireo mpilalao sy ny mpanazatra, nataon'ny DTN-n'ny rugby sy ny mpilatsaka an-tsitrapo japoney.

a.r

## Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### FITSIPIKY NY FIFANINANANA

***Feno 25 taona katroka amin'ny 7 aprily 2023 ho avy izao ny GAZETIKO. Noho izany jobily volafotsy izany, dia misy ny "Fifaninanana tononkalo".***

Toy izao ny fitsipiky ny fifaninanana :

__*And. 1 :*__ Misokatra amin'ny mpamaky rehetra ny fifaninanana, tsy anavahana lahy na vavy, tsy anavahana taona. Tsy mahazo mandray anjara ny mpiasa sy ny vady amanjanany ato amin'ny Vondrona Midi Madagasikara izay misy ny Gazetiko.

__*And.2 :*__ Amin'ny teny Malagasy ny tononkalo izay hisy andininy roa, tsy hihoatra ny andalana valo. Lohahevitra : "Gazetiko 25 taona".

__*And.3 :*__ Hisy dingana roa ny fifaninanana. Ny voalohany hifantenana izay 10 (folo) tsara indrindra. Ny faharoa indray kosa, ianareo mpamaky no hifidy izay 5 (dimy) tena tsara indrindra amin'ireo.

__*And.4 :*__ Ny mpanoratra 5 (dimy) sy ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra samy hahazo loka. Toy izao ny fitsinjarana izany :

| Ho an'ny mpanoratra : | | Ho an'ny mpamaky: | |
|---|---|---|---|
| Voalohany: | 500.000 ariary | Voalohany : | 250 000 ariary |
| Faharoa : | 400.000 ariary | Faharoa : | 200 000 ariary |
| Fahatelo : | 300.000 ariary | Fahatelo : | 150.000 ariary |
| Fahefatra : | 200.000 ariary | Fahefatra : | 100.000 ariary |
| Fahadimy : | 100.000 ariary | Fahadimy : | 50.000 ariary |

__*And. 5 :*__ Ampiarahana amin'ny takelaka fandraisana anjara izay hetezana eto amin'ny GAZETIKO ny tononkalo hifaninanana. Tsy ekena sy tsy manan-kery ny dika mitovy (photocopie)

__*And. 6 :*__ Takelaka fandraisana anjara iray, tononkalo iray. Araka izany, afaka mandefa takelaka fandraisana anjara maromaro ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana.

__*And.7 :*__ Aterina aty amin'ny GAZETIKO enceinte Midi Madagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra, fara fahatarany **ny sabotsy 25 martsa 2023 hatramin' ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara miaraka amin'ny tononkalo ary ny **zoma 7 aprily 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara amin'ny fifantenana ireo tononkalo 5 (dimy) tsara indrindra

__*And. 8 :*__ Ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana dia midika avy hatrany ho fanekena ity fitsipika ity.

## Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

Anarana : .......................................................................................................

Fanampin'anarana : .........................................................................................

Adiresy : .........................................................................................................

Laharana finday : .............................................................................................

*Aterina aty amin'ny* **Gazetiko** *enceinte* **midimadagasikara**
***Ankorondrano Antananarivo Renivohitra*** *farafahatarany ny*
***SABOTSY 25 MARTSA 2023*** *hatramin'ny* ***12 ora*** *antoandro*
*ity takelaka fandraisana anjara ity miaraka amin'ny tononkalo hifaninanana.*

Ambatondrazaka

# Talen'ny EPP sy ny zanany hita faty feno dian'antsy


*Tao an-dakozia no nahitana ny razana.*

Tao an-tranony ihany no novonoina tamin'ny fomba feno habibiana ny renim-pianakaviana iray sy ny zanany vavy, izay mbola tsy ampy taona, tao amin'ny fokontany Antanimena, kaominina Manakambahiny Andrefana, distrikan'Ambatondrazaka,omaly maraina. Ramatoa talen'ny EPP Antanimena sy ny zanany ity nisy namono ity. Nanaovana herisetra izy ireo ary avy eo notsatohina tamin'ny zava-maranitra teo amin'ny fony sy teo amin'ny nono havian'ilay tale. Ny zanany 7 taona kosa teo amin'ny hatoka no nisy trobaka ary toa nodidian'ireo tsy mataho-tody tamin'ny antsy ny tendany. Araka ny angom-baovao hatrany dia tao an-dakozia no nahitana ny razana ary mbola nosaroman'ireo olon-dratsy goelaka (gony). Vao nahare ity tranga ity ny mpitandro filaminana dia nidina nanao ny fizahana, omaly maraina. Araka ny fanadihadiana savaranonando natao tamin' ireo mpiara-miasa sy ny ireo mpiara-monina dia ahiana ho tamin'ny talata hariva hifoha alarobia maraina no nitrangan'izao vono izao. Tsy fandriam-pahalemana. *"Ilay tale dia sahabo ho 49 taona eo ho eo, hita faty tao an-tranony. Efa tsy hita izy tamin'ny fetin'ny vehivavy ary somary nahagaga ny mpiara-miasa aminy izany. Efa maty moa ny vadin'io tale io fa izy mianaka irery no mipetraka ao. Rehefa tsy tonga izy tamin'ny 8 marsa dia mbola tsy hita namoha birao ihany koa, omaly. Gaga ny mpampianatra namany ka nandeha nankany an-tranony. Nihidy ny tranony fa teo amin'ny varavarankelin'ny lakozia no nisokatra kely. Hita sy tazana teo ny tongotry ny zanany tsy mihetsika. Niantso manampahefana haingana izy ireo ary rehefa novohaina ny trano dia efa fatin'izy mianaka no novantanina"* : hoy ny loharanombaovao avy any an-toerana. Ankoatra ny famonoana dia very ny findain'io tale io sy ny kibota, saingy ilay kibota no hita tany Ampasika, tanàna somary lavitra an' Antanimena. Tsara ny mampahatsiahy fa mafy ny tsy fandriam-pahalemana ao Alaotra Mangoro ao. Ho an'ny distrikan'Ambatondrazaka sy Amparafaravola dia voarara ny fivezivezena manomboka amin'ny 9 ora alina ka hatramin'ny 3 ora maraina fa « couvre feu ».

**Ariel D.**

Anosipatrana

## Lehilahy niditra an-keriny tao an-tranon'olona



Ilay lehilahy niaraka tamin' ireo fitaovana famakian-trano.

Lehilahy iray 42 taona no tra-tehaka niditra an-keriny tao an-tranon'olona teny Anosipatrana ny alin'ny alarobia hifoha alakamisy lasa teo. Nandritra io alina io dia nanatona tao amin'ny trano iray ralehilahy ary rehefa nijerijery ny manodidina ka tsy nisy nahita izy dia handeha hamaky io trano io. Tsy araka ny noeritreretiny anefa ny zava-niseho, satria tsy nampoiziny fa nandritra izany dia nisy olona nahatsikaritra soa aman-tsara teo am-panaovana ny asa ratsiny izy. Avy hatrany dia niantso antelefaonina ny polisy io nahita azy io ka nilaza fa misy lehilahy iray miditra an-keriny amin'ny trano iray eny antoerana. Raha vao nahare izany ireo mpitandro filaminana dia nidina nijery ny zava-niseho ka tamin'izay indrindra no nahitan'izy ireo an-dralehilahy, tratra ambodiomby nanapitsoka varavarana. Tsy afa-nitsoaka intsony ilay olondratsy fa noraisim-potsiny teo. Nosavaina avy hatrany izy ka nandritra izany no nahitana maritoa sy hety roa tany aminy. Taorian'ny fisamborana dia nentina tany amin'ny biraon'ny polisy izy. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Ampanihy

# Taksiborosy nivadika, olona 8 maty, 7 hafa naratra

Nitrangan'ny lozam-pifamoivozana nahafatesana olona tany amin'ny lalampirenena fahafolo, any amin' ny tanàna antsoina hoe Mahariry, ao anatin'ny fokontany Manakaralahy, kaominina Ejeda, any amin' ny distrikan'Ampanihy, afakomaly tokony ho tamin'ny 7 ora sy sasany hariva. Fiara taksiborosy iray no nivadika tamin'io fotoana io ka olona valo tao anatiny no maty ary fito hafa naratra. Araka ny fanazavana dia avy any Toliara ho any Tolagnaro ity fiara be fitateram-bahoaka ity no niala lavaka teny andalana ka izao nitarika ny fivadihan'ny fiara izao. Dia io niafara tamin'ny fahafatesan'ny olona valo tao anatiny io, ka fantatra fa olon-dehibe ny dimy tamin' ireo ary zaza kosa ny telo. Ankoatra ireo namoy aina dia olona fito ihany koa no naratra ary tao anatin'izany ihany koa no nisy vehivavy bevohoka iray.

**Nitsoaka**

Vantany vao niseho ny loza dia lasa nitsoaka niala teo amin'ilay toerana ny mpamily sy ny tompon'ny fiara, araka ny fanazavana hatrany. Vantany vao nahafantatra mikasika ity lozam-pifamoivozana ity kosa ny manampahefana tany an-toerana dia efa nidina ifotony. Efa nentina notsaboina tany amin'ny hopitaly tany antoerana ireo naratra ka araka ny fantatra dia anisan' ny efa nahazo fitsaboana sahaza azy ilay ramatoa bevohoka voa mafy nandritra ny loza io. Ireo razana kosa nalefa tao amin'ny tranom-pokonolona any amin'ny kaominina Ejeda taorian'izay. Araka ny fanampim-panazavana dia ratsy ny lalana any amin'iny lalam-pirenena voalaza etsy ambony iny ary anisan'izany ny eo amin'ny toerana nisehoan'io loza io, satria efa potika sy be lavaka ary mbola feno rano ihany koa noho fisian'ny orana amin' izao ka manaitra ny sain' ny tomponandraikitra ny mponina any an-toerana mikasika izany.

**T.H**

Fenoarivo Atsinanana

## Trano enina kilan'ny afo

Nisehoan'ny haintrano tany Fenoarivo atsinanana ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora antoandro. Trano enina no hotohoton'ny afo tamin'izany. Ny afo efa nirehitra no hitan'ny olona tany an-toerana ka nanao izay ho afany tamin'ny famonoana izany izy ireo. Nitatra anefa ny firehetana ka nifindra tamin'ny trano hafa teo anilany ny afo, ka ireo nahatratra enina ireo trano may. Araka ny fanazavana dia afo tao an-dakozia tamin'ny trano iray no niandohan'ny firehetana ka nitarika ny fahamaizan'ireo trano sisa hafa. Tsy nisy noraisina avokoa ny entana tao anatiny vokatry ny firehetana. Fa ankoatra izay dia trano enina hafa ihany koa no voatery narodana nandritra io loza io mba tsy hitaran'ny afo. Fantatra fa olona 48 no traboina vokatr'izany.

**T.H**

Manakara

# Roa lahy voasambotra niaraka amin'ny basy saika hamidy

Jiolahy roa no niharan'ny fisamborana tao Manakara ny andron'ny talata lasa teo. Tra-tehaka izy ireto noho ny fitazomana fitaovam-piadiana mahery vaika tsy nahazoana alalana. Loharanombaovao no nahalalana fa manana basy izy ireo ka tsy maintsy nanaovan'ny zandary vela-pandrika. Sarona nandritra izany ny basy poleta "*revolver barilet* » marika *Rohm Rg 79 St Etienne*" izay tsy misy taratasy akory, sy bala miisa telo (7.65mm). Voatazona niaraka amin'ireo fitaovampiadiana ireo izy roa lahy ireto ka hanaovana famotorana. Izao dia vokatry ny Tagnamaron'ny Fandriampahalemana, na ny "TAFA". Olona tsara sitrapo no nanome loharanom-baovao ny vondrom-tobim-paritry ny Zandary ao Manakara. Efa nikasa hitady olona hividy an'io basy io ireto roa lahy ireto. Rehefa naheno izany ny zandary teto an-toerana dia nanao ny fahaizamanaony, ka ny 8 marsa tamin'ny 12 ora sy sasany antoandro no nametraka ny fandrika sy paik'ady rehetra ny zandary, notarihin' ny komandin'ny vondrontobim-paritra, mba hahafahana mamantatra sy misambotra ireo olon-dratsy. Araka izany dia nahitam-bokany ny hetsika ka tratra daholo ireo olona roa ireo, izay nikasa hanao ny tetidratsiny, hoy ny zandary avy any an-toerana. Mbola mitohy ny fanadihadiana ary hiakatra fampanoavana ihany koa ireo olon-dratsy ireo.

**Ariel D.**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 978 - 03 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

**Trondro andrahoana amin'ny voanio**

Zavatra ilaina : trondro (nofony no tsara kokoa) ; voanio voakiky ; tongolo egipta, tongolo gasy, menaka kely

Fikarakarana : endasina amin'ny menaka kely ny trondro mba tsy hiparitaka. Rehefa izany dia endasina ny tongolo karazany roa voalaza. Arotsaka ao ny nofo-trondro efa mendy. Mamana rano, ka rehefa matimaty indray, dia arotsaka ao ny voanio voakiky. Haroina tsara, ary tsifina ny ranony. Io ranony io no andrahoana ny trondro voalaza etsy ambony.

Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Mampeme*




## Hatsikana an-tsary

*Ninan'fatiny*




## Masoandro iposaka

**Romana 6 : 15**


15 Ahoana ary ? hanota va isika, saingy tsy ambanin'ny lalàna, fa ambanin'ny fahasoavana? Sanatria izany!

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza manao fanafodin-dRabetsi-afindra : mahay ho an'olona, fa tsy mahay ho an-tena.**

Ne préparez pas des remèdes à la façon de Rabetsiafindra : il sait en préparer pour les autres, mais non pour lui-même.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2899

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | |
| 1 | | 3 | | | 8 | | 9 | 5 |
| | | | 4 | 3 | | 6 | 8 | |
| | | 7 | | | | 9 | | |
| | 3 | 5 | | 4 | 2 | | | |
| 9 | | | | 1 | | 4 | 6 | |
| | | | | | | | 4 | |
| 5 | 6 | | 1 | | | | | |
| | | | 7 | | 4 | 8 | | |

Valin'ny laharana 2898

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 1 | 4 | 9 | 5 | 8 | 3 | 6 | 2 |
| 3 | 8 | 2 | 6 | 1 | 7 | 4 | 9 | 5 |
| 5 | 6 | 9 | 3 | 2 | 4 | 7 | 1 | 8 |
| 8 | 3 | 6 | 1 | 4 | 2 | 9 | 5 | 7 |
| 9 | 5 | 1 | 7 | 8 | 6 | 2 | 3 | 4 |
| 4 | 2 | 7 | 5 | 3 | 9 | 1 | 8 | 6 |
| 1 | 7 | 8 | 4 | 6 | 3 | 5 | 2 | 9 |
| 6 | 4 | 3 | 2 | 9 | 5 | 8 | 7 | 1 |
| 2 | 9 | 5 | 8 | 7 | 1 | 6 | 4 | 3 |

## Izy no izy

Stéphanie Fenozanany

# Vehivavy sahy sy tia mandray andraikitra !

*Olom-baovao indray no ezahina ampahafantarina antsika eto amin'ny Izy no Izy anio. Tsy iza izany fa Rtoa Stéphanie Fenozanany. Renim-pianakaviana tanora sady mpandraharaha ara-toekarena. Raha ny momba azy tsotsotra, dia manan-janaka roa lahy izy ary mpitantana voalohany eo anivon'ny orinasa LSC Consulting, izay misehatra amin'ny fitantanana ny mahaolona sy ny fitadiavana mpiasa. Ny tena mampiavaka azy, dia izy vehivavy manana toetra sahy miatrika ny fiainana sy tia mandray andraikitra eo amin'ny fanatanterahana ny asany. Isan'ny tarigetrany ny hoe : "ny fitiavana ny asa sy fanajana azy no angovo manosika ny olona hivoatra sy handroso". Io fitiavana ny asany io no nahatonga azy ho amin'izao toeran'ny mpitantana orinasa izao.*

**Nanana fikirizana**

Vavy tokana izy ary nivoaka tamin'ny fianankaviana sahirana. Tsy nataony sakana anefa izany fa vao mainka nahatonga azy nioitra sy nanana fikirizana mba ho tafavoaka. Vao 14 taona monja ny tenany dia efa nirotsaka teo amin'ny sehatry ny asa. Niainga tamin'ny fivarotana teny amoron-dalana, avy eo lasa mpanentana ara-barotra (animatrice de vente) teo anivon'ny orinasa iray. Rehefa nahazo traikefa dia nanangana ny azy manokana. Tao anatin'izany no niverina nandalina indray ny resaka fifandraisana sy ny fahaizana mivarotra, na "Communication et Marketing", Rtoa Stéphanie Fenozanany. Vokatry ny ezaka nataony dia nody ventiny ny rano nantsakaina ka niroborobo ny orinasa misy azy. Tao anatin'ny 6 taona dia tafakatra efatra ireo orinasa eo ambany fifehezany, ary hiova ho vondron'orinasa lehibe atsy ho atsy. Isan'ny zavatra mahasarotiny azy ny olona tsy nahavita ny andraikitra nankinina taminy.



**Ny fahaizany mifandray aman'olona no mampisongadina an-dRtoa Stéphanie Fenozanany.**

**Tia mandihy**

Ankoatra ireo, liana amin'ny resaka fitantanana politika ihany koa ny tenany. Mpanolotsaina manokan'ny ben'ny tanànan'Ivato sy ny depiote voafidy tao Ambohidratrimo ihany koa izy. Isan'ny fialamboliny rehefa tsy miasa ny fikarakarana ny tokantrano sy ny zanany. Tia mandihy Rtoa Stéphanie Fenozanany ary mankafy ny fanaovana "vacances" irery tsy misy manelingelina. Laoka tena ankafiziny ireny "fruits de mer" ireny raha hanasa azy hisakafo.

**JUDD**

KMF/CNOE

# Mitaky ny hanatanterahana miaraka ny fifidianana filoha sy ben'ny tanàna

Miverimberina amin'ny resaka fiatrehana ny fifidianana atsy ho atsy hatrany ny fanehoan-kevitry ny mpanao politika sy fiaraha-monim-pirenena ary fikambanana tao anatin'ny herinandro maromaro izao. Omaly dia naneho ny tsy fankatoavany ny fanalavana ny fe-potoam-piasan'ny olomboafidy ny fikambanana KMF/CNOE ary nitaky ny hanatanterahana miaraka ny fifidianana izay ho filoham-pirenena sy fifidianana ireo ho ben'ny tanàna. Notsipihin'ireo lohandohany eo anivon'izany fikambanana izany fa tsy voararan' ny lalàna mifehy ny fifidianana ny fanatanterahana miaraka ny fifidianana Filoham-pirenena sy ny kaominaly, ka mila eritreretina izany. Nomarihan'ireo lohandohany eo anivon'ity fikambanana ity tamin'izany fa sady mampihena ny fandaniana ny firosoana amin' izany no misoroka ny fanitarana ny fepotoam-piasan' ny olomboafidy eo amin'ny kaominina. Dia mangataka ny hamoahan'ny CENI ny tetiandron'ny fifidianana kaominaly ny KMF/CNOE ao anatin'izany. Marihina fa ho lany fepotoam-piasana ny voalohandohan'ny volana janoary 2024 izao ireo olomboafidy eo anivon'ny kaominina. Etsy andanin' izany, mitaky amin'ny hamoahan'ny Governemanta ny daty raikitra hiatrehana ny fifidianana izay ho Filoham-pirenena ihany koa ity fikambanana ity.

**Mamy R.**

Fiadidiana ny Repoblika

# Notendrena ho SGP vaovao Atoa Fanohiza Claude

Mitohy hatrany ny fanovan' ny Filohan'ny Repoblika ireo mpiara-miasa aminy akaiky. Notendrena nandritra ny Filankevitry ny minisitra omaly ireo olom-panjakana ambony eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika. Tafiditra ao anatin'izany, notendrena ho Sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika (SGP) vaovao Atoa Fanohiza Claude. Mba hisian'ny mangaraharaha eo amin'ny fitantanana dia nampahafantarin'ny Filoha nandritra izany koa ny fanendrena ireo Mpanolotsaina manokan'ny Filohan'ny Repoblika niisa telo. Isan'izany Atoa Rajoelina Patrick izay hisahana ny diplomasia sy ny fiaraha-miasa amin'ny any ivelany. Rtoa Raharinirina Baomiavotse Vahinala hiandrakitra ny raharaha ara-toekarena sy ny fifandraisana amin'ny sehatra tsy miankina. Atoa Razafimahefa Tinarivelo hisahana ny fitantanana sy ny fampandrosoana eny ifotony. Notendrena ho Mpanolotsaina eo anivon'ny Masoivohon'i Madagasikara any Paris, France Rtoa Pelandroy Espérance Arnaud izay nisahana ny toeran'ny SGP teo aloha. Izay araka izany no misolo ny toeran-dRtoa Randimbiarisoa Mishou izay nampimenomenona ireo mpiasa tany an-toerana ny zavatra voalaza fa nataony. Raha ny fahitana ireo olona notendrena dia tsy dia misy vaovao fa maro amin'izy ireo no efa tomponandraikitra ambony teo aloha fa nafindra toerana fotsiny.

**JUDD**

## Marina izany !

### Manjavozavo !

**Efatra amby valopolo amby zato andro alohan'ny hifaranan'ny fotoam-piasan'ny Filohan'ny Repoblika, mbola manjavozavo ao an-tsain'ny rehetra ny mety ho tohin'ny raharaham-pirenena. Tsy misy mantsy hatreto antoka amin'ny hisian'ny fifidianana. Maro ny fanontaniana manitikitika ny sain'ny mpanara-baovao. Ho tanteraka amin'ity taona ity ve ny fifidianana? Inona avy ireo latsabato hatao, satria efa lany fotoam-piasana ihany koa ny ben'ny tanàna ? Nahoana no mbola tsy mamoaka ho fanta-bahoaka ny daty hanatanterahana ny fifidianana ny filankevitry ny minisitra na dia efa am-bolana aza no nandroso soso-kevitra ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana? Izany mantsy no ambaran'ny lalàna manan-kery. Mitombina ve fa misy mpahay lalàna sy mpanao pôlitika manatanteraka fivoriana miaraka ary mikononkonon-javatra any ho any? Inona no mety hitranga raha toa ka tsy ho tontosa ara-potoana ny fifidianana? Manitikitika ireo fanontaniana ireo satria tsy hita tatratra hatreto ny dingana sy ny fahavononan'ny mpitondra hiroso amin'izay fifidianana izay. Io ihany anefa no heverina fa vahaolana hisorohana ny mety ho fisian'ny savorovoro eto amintsika, indrindra efa manomboka mampiaka-peo, noho ny olana eo amin'ny lafiny sôsialy ny sokajin'olona samihafa, raha tsy hitanisa afa-tsy ny fahasahiranan'ny isan-tokantrano, ny tsy fandoavana ny vatsim-pianaran'-ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony, ny tsy fihainoana ireo fitakiana samihafa, ny firongatry ny tsy fandriam-pahalemana, ny fanamparam-pahefana, ny kolikoly, ny fitantanana tsy araka ny tokony ho izy ny raharaham-pirenena sy ny harem-pirenena, ny fanilikilihana… !**

Voahangy Rakotozafy

Sylvia Ranaivojaona - FIZAFAFI

# Miantso firaisan-kinan'ny vehivavy

Tsy diso anjara tamin'ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny vehivavy teny amin'ny kianja Barea Mahamasina ireo vehivavy mivondrona ao anatin'ny FIkambanan'ny ZAnaky ny FAritra FIanarantsoa (FIZAFAFI). Notsiahivin-dRtoa Sylvia Ranaivojaona, filohan'ny vehivavy eo anivon' ny FIZAFAFI sady mpandrindra nasionaly ny fikambanana, fa andro iray fanomezan-kasina sy voninahitra ary fanomezan-danja ny fisian'ny vehivavy ny 08 martsa. Na tsy afaka nilahatra niaraka tamin'ireo mpiray fikambanana taminy teny Mahamasina azy ny tenany tamin'io andro io, tsy nohadinoiny ny nirary ny soa sy ny tsara ho an'ny vehivavy mpiray tanindrazana rehetra. Hafatra manokana natolony ho an'ny vehivavy ny antso firaisan-kina mba ho fitaratra sy hipetraka ho rehareha amin'ny maha nahitana masoandro. "*Hery lehibe azo anatsara sy andrindra ho avy mamiratra isika vehivavy, satria ny fahitan'ny tsirairay masoandro dia noho ny famoronana am-bohoka izay navoakan'ny renim-pianakaviana*", hoy izy.



**Rtoa Sylvia Ranaivojaona, filohan'ny vehivavy FIZAFAFI.**

**Niry R.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :





**PRIERE AU SACRE CŒUR**

*Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.*

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

*Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.*

G-CL 451/2-1 10/03/23 NGANE et famille

Polytekinika - Vontovorona

# Nakatona vonjimaika, nandraisana fepetra

Nakatona vonjimaika nanomboka omaly tolakandro ny Polyteknika eny Vontovorona, araka ny fanambarana navoakan'ny oniversiten' Antananarivo omaly, niparitaka tamin'ny tambajotrantserasera. Antony dia ho fiarovana ny fananan'ny oniversiten'Antananarivo, izay nisy simba, toy ny efitrano fianarana, sy ny fananana iombonana simba noho ny fikorontanan'ny mpianatra teny Vontovorona tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity teo, araka ny fanazavana azonay tamin' ny tomponandraikitra eny Ankatso. Tsy maintsy naato aloha ny fampianarana rehetra mandritra ny fepotoana tsy voafetra hitsinjovana sy hametrahana lamina eny Vontovorona. Nanao sonia ny fanambarana ny Filohan'ny oniversiten'Antananarivo.

**Tsy marina**

Araka ny loharanom-baovao marim-pototra azonay tamin' ny Emmo-Reg omaly hariva dia "tsy marina ny vaovao miely fa miditra misambotra olona na mpianatra ny Emmo". Nisy kosa ny fivoriambe natao teny Vontovorona. Nampanantsoina avokoa ny mpianatra rehetra nampahafantarina fa fandikan-dalana ny manao fanakorontanana any ivelan' ny Campus. Nisy an'iny naoty nivoaka ihany koa no anton'ny fivoriambe. Nantsoina ireo mpianatra, nisy mihitsy ny fitsofana kiririoka mba hiantsoana azy ireo. Izany no nahatonga ny fiparitahan'ny tsaho hoe misy fisamborana omaly alina. Efa vita ny fivoriambe, saingy raha ny fantatra dia hiroso amin'ny fisamborana amin'izay ny mpitandro filaminana raha mbola manao fanakorontanana ny mpianatra anio.

**Heriniaina A.**

Rivodoza Freddy

# Mpianatra 38 704 traboina

Mitombo ny fahavoazana taorian'ny tampody fohin'ilay rivodoza Freddy. Mpianatra eo amin'ny 38 704 no traboina noho ny fahasimbana fotodrafitrasam-pampianarana. 272 ireo toeram-pampianarana tra-doza, koa dibo-drano ny 68. Efitrano fianarana 278 no simba tanteraka, 69 nisy fahasimbana madinika, ary 71 rava tafo trano. Miisa 9 ireo birao fitantanan-draharaha voakasika.

**10 ireo maty**

Mbola misy olona 3 tsy hita popoka ao amin'ny distrikan'Ankazoabo sy Ampanihy Andrefana ary Ihosy. Niakatra 10 ireo olona efa namoy ny ainy, koa tany Bekily ny 1, tany Ampanihy Andrefana ny 2, tany Morombe ny 3, ary tany Toliara II ny 4. Tafakatra 72 351 ireo traboina tany amin'ny faritra Atsimo Andrefana, Androy, Amoron'i Mania, ary Ihorombe sy Menabe. Miisa 24 358 ireo traboina efa nafindra toerana amin'ny toeram-pandraisana 34.

**R. Muray**

Fanantenana FAFI V - 8 martsa

# Vehivavy an-jatony maro nahazo fanampiana

Isan-taona dia mankalaza ny 8 martsa, andro iraisampirenena hiadiana ny zon'ny vehivavy, ka manome fanampiana an'ireo vehivavy marefo ara-pivelomanana ao amin'ny boriborintany faha-V ny fikambanana mpanao asa soa Fanantenana FAFI V. *"Midina ifotony mitety an'ireo vehivavy tena marefo ara-pivelomana izahay isaky ny andron'ny vehivavy. Misy ireo vehivavy an-jatony mpanadio amin'ny RF2 ny manerana ny fokontany 2 ato amin'ny boriborintany. Misy koa ireo vehivavy mpanasa lamba an-jatony maro ary koa ireo vehivavy miaina maodidina ny toerana fanariam-pako. Dia notoloranay fanomezana maro izy ireo sy izay tsaroana, satria manana ny zo toy ny vehivavy rehetra"*, hoy Rtoa Hanitriniala Raholdina, filohan'ny fikambanana Fanantenana FAFI V, ny alarobia teo. Isan'ireo fanampiana natolotra an' ireo vehivavy ireo ny menaka, vary, voamaina, savony, koveta bodofotsy, kojakoja ialiana amin'ny fiainana andavanandro ary mofo mamy lehibe izay niarahanapaka tamin'ireo vehivavy marefo ara-pivelomana, nisy soratra hoe "vehivavy tia mifampitsinjo - 8 martsa 2023". *"Misaotra tompoko tsy manadino anay ary tena manana Reny sy vehivavy tia zanaka tokoa izahay"*, hoy ny renim-pianakaviana iray solontenan'ireo vehivavy mpanasa lamba. Amin'ny maha solombavambahoakan'ny boriborintany faha-V an'Atoa Naivo Raholdina dia nanotrona sy nanampy ny fikambanan-dRtoa vadiny ihany koa ity depiote ity. Mitohy hatrany ny sosialy ataon'ny fikambanana mpanao asa soa fanantenana FAFI V.

**HAR**

Fanabeazana ara-bola

# Olona 21 641 hahazo fiofanana



Notanterahina teny Ankadifotsy ny lanonana fanombohana ny Fandaharam-piofanana nasionaly. (Sary : Kelly R.)

Natomboka tamin'ny fomba ofisialy omaly ny Fandaharam-piofanana nasionaly HARIVOLA. Hitondra fanabeazana ara-bola ho an'olona 21 641 anatin'ny faritra enina manerana ny Nosy (Alaotra Mangoro, Analamanga, Boeny, Bongolava, Itasy, Vakinakaratra) noho ireo faritra ireo be mponina sy mpandraharaha. Tohanan'ny AccèsBanque Madagascar sy ny ISSOF (Iscam Solutions Formation), izay hoentina mampiroborobo ny fampidirana sy ny fampiasana ary ny fahaizana mitantam-bola. *"Mbola ambony ny tahan'ny zanabola alain'ireo mpampindram-bola, satria ambony koa ny ambana manoloana ny tsy fahafehezan'ny ankamaroan'ny olona ny fahaizana mitantam-bola. Hanamora ny fahazoan'ireo olona manaraka fiofanana famatsiam-bola ny fahazoana ny taratasy fanamarinana aorian'ny fahavitan'ny fiofanana."*, hoy Rakotomanana Riveltd, tale jeneralin'ny ISSOF. Misokatra ho an'ireo manana fidiram-bola na olon-tsotra na mpandraharaha madinika ny fandraisana anjara. Mizara roa ny fanatanterahana ny fiofanana, koa hatao amin'ny haino aman-jery ny dingana voalohany ary atrehina mivantana ao anatin'ny iray andro ny dingana faharoa. Haharitra herintaona ity fandaharam-piofanana nasionalay ity, koa ao Alaotra Mangoro no hanombohana azy voalohany manomboka amin'ity volana ity ihany.

**R. Muray**

Minisitra Soafilira Princia

# "Manome lanja ny vehivavy Malagasy ny Filoham-pirenena"

*"Mino izahay fa tsara tsodrano ity 8 martsa 2023 ity matoa rakotra vahoaka marobe tahaka izao ny eto Mahamasina sady tsara ny andro na dia misy aza ny andro ratsy. Manantantara ho antsika vehivavy ity andro ity ka faly miarahaba ny vehivavy rehetra manerana ny nosy. Ela ny ela ka tafakatra eto amin'ny kianjan' ny Barea ny fankalazana ny 8 martsa. Midika izany fa manome lanja ny hasin'ny vehivavy malagasy ny Filoham-pirenena mivady. Marobe ireo tetikasa fihariana ataon'ny fikambanam-behivavy mahazo tantsoroka avy amin'ny Filoha mivady. Isaorantsika azy ireo izay fitiavana apetrany amintsika vehivavy malagasy izay. Atoa Filoha! Sitraka enti-matory hovaliana raha mahatsiaro"*, hoy ny minisitry ny mponina Soafilira Princia teny Mahamasina omaly. Lohahevitra amin'ity taona ity ny fanabeazana ny ankizivavy, fizakan-tenan'ny vehivavy, antoky ny fampandrosoana lovain-jafy. *"Tsy natao lohahevitra fotsiny izany ho an'ny minisiteran'ny mponina fa efa voaporofo tamin' ireo asa marobe notanterahina ho fampivoarana ny talenta sy ny fahaiza-manaon' ny vehivavy malagasy, mba hananany fizakan-tena aratoekarena ary hiarovana ny ankizivavy, ny zatovovavy ary ny vehivavy, eo amin'ny herisetra mety mihatra amin'izy ireo. Efa betsaka ireo lalàna efa voafidy ary mbola maro ireo lalàna volavolaina amin'izany ady amin'ny herisetra izany na ho an'ny vehivavy izany na ny herisetra mifototra amin' ny maha-lahy na mahavavy"*, hoy hatrany Rtoa Minisitry ny mponina. Tsy nohadinoin'ity farany koa ny nisaotra an'ireo mpiaramiasa rehetra niara-nanatontosa ny 8 martsa, dia ny "Association Fitia" sy ireo mpiara-miasa mpanohana ara-bola sy teknika. Nomarihan-dRtoa Minisitry ny mponina fa Atoa Filoha Andry Nirina Rajoelina no Filoham-pirenena manana fahasahiana sy fahatokisana be indrindra amin'ny vehivavy ary voaporofo izany amin'ny fanomezana andraikitra amin'ny toerana ambony maro isankarazany ny vehivavy eto amin'ny firenena. Fantatra fa fikambanana 780 no nisoratra anarana nanao matso teny Mahamasina izay nisy olona 40000.

**Heriniaina A.**

Sekoly FJKM

# Mankalaza ny 25 taona nijoroany ny IFRP

Feno 25 taona katroka amin'ity 2023 ity ny nijoroan'ny "Institut de Formation et de Recherches Pédagogiques", na IFRP eny Ambodinandohalo. Toeram-panomanana mpampianatra voalohany indrindra eo anivon'ny FJKM, mankalaza ny jobily volafotsy. Hosokafana amin'ny fanompoam-pivavahana ny alahady izao eny Andrainarivo ny jobily, harahina symposium lehibe ny 9 hatramin'ny 11 may. Sakafon-jobily sy tsenaben'ny sekoly FJKM ny 12 sy 13 mai 2023. Tsangambaton'ity jobily ity ny famoahana ny gazety "Hay" an'ny Ivontoerana, hivoaka isaky ny efabolana. Eo ihany koa ny fanitarana fotodrafitrasa fianarana. Tany am-boalohany dia 18 ny mpiofana tao amin'ny IFRP ary efa maherin'ny 200 izany ankehitriny. Maharitra telo taona ny fanabeazana ao ary afaka mampianatra avy hatrany izay rehetra mivoaka. "*Tanjona ny hampiakarana ny lentan'ny fampianarana, na efa sokajiana ho isan'ny mahay indrindra aza ireo mivoaka avy ao amin'ny IFRP. Misy ny vina hamoahana mpianatra manana Masters sy hanofana ireo "inspecteur" amin'ny fanabeazana aoriana kely ao,*" hoy ny Pastera Rakotonavalona, filohan'ny komity jobily volafotsin'ny IFRP. "*Maherin'ny arivo ireo nahavita fiofanana ary navoaka sy nirahina araka ny fomban'ny FJKM tao Antsahamanitra.*" hoy koa Dr Andriar Samuel, Talen'ny IFRP.

**Nath**

Ivato

# Vehivavy an-jatony sahirana nomena asa

Vokatry ny fiaraha-miasan' ny fikambanana Destiny amin'ny orinasa tsy miankina eny Ivato, vehivavy sahirana an-jatony no ho afaka hisitraka asa fivelomana. Iarahan'ny rehetra mahita tokoa fa sarotra ny fiainana ary amin'ny alalan' ny asa ihany no hahafahana mitondra fampandrosoana ny ao an-tokantrano sy ny firenena. Nandritra ny andron'ny vehivavy dia nizara fanampiana ho an' ireo renim-pianakaviana sahirana 400 eo anivon'ny kaominina Ivato ny fikambanana Destiny tarihin'i Hoby Randrianarisoa,



Tonga maro nanararaotra ny fisian'ny fitiliana maimaimpoana ireo vehivavy.

vadin'ny ben'ny tanàna. Mbola vokatry ny fiarahamiasa amin'ireo orinasa eny an-toerana ihany no nahafahana nanampy ireo sokajin' olona marefo ireo ka anisan' izany ny Ravinala Airports. Nanotrona izany fotoana izany ny solombavambahoaka Rakotoarisoa Johnny ary nilaza fa antoka iray amin'ny fampandrosoana ny fisian'ny orinasa lehibe vonona handray andraikitra toy izao. Ny asa sosialy sy ny fanomezana asa toy izao ataon'ny fikambanana Destiny izao dia hery lehibe ho an'ireo olona marefo mba hahafahany mivoatra eo amin'ny fiainana sy ametrahana vina hanatsara ny fidiram-bola ihany koa.

**Nath**